

n° 40

Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara


Mivoaka isaky ny telo volana

Septambra 2018

NY VOKA-DRATSIN'NY TOETR'ANDRO

Amoron'i Mania

Miara-manajary
hisorohana ny
tondra-drano (P. 4-5)



Atsinanana

**Toetr'andro
mikorontana,
miantraika amin'ny
fiompiana trondro** (P. 3)



Haute Matsiatra

Sarotra ny
fampiterahana vokatry
ny fiovaovan'ny
toetr'andro (P. 4)



SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Voalazanay tamin'ny laharana teo aloha fa feno 14 sahadry ny gazetintsika ! Ny volana martsa 2018 lasa teo no natao ny atrikasa tombana, hahafahana mampifanojo ny endriny sy ny votoatiny amin'izay andrasan'ny mpamaky. Ankehitriny àry dia faly manolotra anareo ity laharana faha 40 ity izahay. Antenainay hahavaly ny hetaheta nasehonareo tamin'ny atrikasa izany.

Manomboka izao dia hitombo ny kisary ao amin'ny gazety mba ho mora sady hahafinaritra ny famakiana azy. Homen-danja be ihany koa ny fanehoan-kevity ny mpiompy trondro. Tsy hiova ny haben'ny FMT saingy ho lasa valo kosa ny isan'ny pejy. Farany, fizarana isan-karazany (vaovao/ vaovao tapatapany, vidim-bokatra, lalàna, ny mety ho toetry ny andro, taratasin'ny mpamaky, mpiara-miasa, filazana samihafa, tontolo iainana sy fiompiana trondro, samihafa) no hovelabelarina ankoatra ny lohahevitra famakafaka isan-telo volana.

Ny voka-dratsy ateraky ny toetr'andro no hifotorantsika ao anatin'ity laharana ity. Taona maromaro no nahatsapana ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro amin'ny fiompiana trondro any amin'ny Morontsiraka Atsinanana. Ao Itasy, hitan'ireo mpiompy fa mihena ny fatran'ny trondro vokatra. Mihasarotra ihany koa ny famokarana zanatrandro ao Matsiatra Ambony. Ao Analamanga, tsikaritra ny mpanandro iray fa miova ny diarim-piompiana trondro.

Nandray fepetra hiatrehana izany ny mpiompy trondro maro. Araka izany, niaranisalahy tamin'ny fanajariana ny tanimbariny ireo mpiompy trondro ao Amoron'i Mania hisorohana ny tondra-drano. Miezaka kosa ny ao amin'ny Morontsiraka Atsinanana sy Analamanga mba hampifanaraka ny fotodrafitrasa sy ny fomba fiompiany amin'ny zava-misy. Mpiompy maromaro ao Afovoan-tany koa no mampihemotra ny fotoam-pampanatodizany karpa.

Ho hitanareo ao amin'ny fizarana « taratasin'ny mpamaky » sy « mpiara-miasa » ny hevity ny mpamaky momba ny toeran'ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro (FMT n° 39) sy ny antsipirian'ny fiaraha-miasa eo amin'ny APDRA sy ny FIFATA.

Inoanay fa hahafinaritra anareo ny endrika vaovaon'ny gazety ary manao mandrapahaona indray !

Ny ekipan'ny FMT

LOHAHEVITRA : Ny voka-dratsin'ny toetr'andro

Miantraika amin'ny firenen-drehetra ny voka-dratsin'ny toetr'andro

Paul Chiron, mpianatra mandalina ny fiovaovan'ny toetr'andro

Taona maromaro izay no tsikaritra fa tara na lava loatra ny fahavaratra teto Madagasikara, nisy fiantraikany manokana tamin'ny fambolena sy fiompiana izany. Na dia tranga efa niseho aza izany dia miara-miaiky ny mpahay siansa fa, ato anatin'ny folo taona maro ho avy, hitombo ny haintany sy ny tondra-drano eto amin'ny nosy, toy izany koa ireo fiovana eo amin'ny tetiandrom-pamokarana.

Ny fanaraha-maso ny toetr'andro, tato anatin'ny 50 taona farany, dia maneho fa niakatra ny sala-maripana, indrindra fa any atsimon'ny nosy, mihalava ny fotoanan'ny maintany ao Afovoan-tany sy ny Morontsiraka Atsinanana, ary nitombo isa ny rivo-doza mahery vaika. Ireo fivoarana rehetra ireo, izay vokatra ny fiovaovan'ny toetr'andro maneran-tany sy ny fandripahan'ala, dia miteraka fanahiana mitatao amin'ny fiompiana trondro eto amin'ny nosy.

Tsy ny mpiompy trondro malagasy irery ihany anefa no voakasik'izany. Any Cambodge hatrany Sénégal, avy ao Russie mankany Afrika Atsimo, hita ho mihasarotra isan-taona ireo fepetra ahafaha-miompy, manery azy ireo hiverina handinika ny fomba sy ny tetiandro fiompiana izany.

Ao amin'ny Repoblikan'i Congo, ohatra, tara iray volana ny fahatongavan'ny orana. Miharitra ny renirano ary mpamokatra betsaka no tsy manana rano ampy. Mifanohitra amin'izay, rehefa tonga ny orana, dibo-drano ny tatatra fanarian-drano mihoatra (*trop-plein*), very ny trondro ary mananosarotra ny fanamasahana. Indraindray aza dia miteraka fihotsahan-tany mahafaty mihitsy ny orana.

Tojo fahasahirana tahaka izany avokoa ireo mpiompy trondro amin'ny firenena rehetra iasan'ny APDRA. Manoloana io toe-javatra mahazo an'izao tontolo izao io, tena ilaina ny manomboka mihevitra, dieny ankehitriny, ny vahaolana hiatrehana ireo trangana-java-misy vaovao ateraky ny toetr'andro.

Vakio ao amin'ny pejy 3-6 ny tohin'ny lohahevitra

VAOVAO TAPATAPANY

Fanarenana ny toeram-piompiana trondro ao Andasibe

Ny faran'ny taona 2017, narenin'ny tetikasa AMPIANA ny ampahany amin'ny toeram-piompiana trondro ao Andasibe, eo amoron'ny Valanjavaboaharin'Andasibe.

Tamin'ny 1950 no naorina io toerana io ka ny FOFIFA (foibem-pikarohana malagasy, mpiara-miasa amin'ny tetikasa AMPIANA) no tompony ankehitriny. Nanomboka ny taona 2000 no namelana azy tsikelikely vokatra ny tsy fahafahana nampihodina azy.

Nahafahana nampiditra rano tao anaty dobo miisa 22, mirefy 60 ara raha

atambatra, ny asa fanarenana. Na izany aza dia mbola misy fivoahan-drano tokony hamboarina.

Ankoatra izay, tahaka ny toeram-piompiana maro eto Madagasikara, dia tondraka izy rehefa misy rivo-doza goavana. Apetraka ao àry ankehitriny ny fomba hiarovana ny trondro.

Notokanana ny 25 may 2018 ny toeram-piompiana na dia efa niasa hatramin'ny volana martsa. Anaovana andrana maro momba ny famahanana ary itahirizana ray aman-drenitrandro samy hafa koa ao ankehitriny.



LOHAHEVITRA : Ny voka-dratsin'ny toetr'andro

Atsinanana


Toetr'andro mikorontana, miantraika amin'ny fiompiana trondro

Tsy afa-bela amin'ny fikorontanan'ny toetr'andro ny Morontsiraka Atsinanana ary mamely ny famokarana rehetra izany, avy any amin'ny letisy hatrany amin'ny fiompiana trondro.

Hatramin'ny taona 2015, tsikaritra mazana ny fihenany fatran'ny rotsak'orana isan-taona (indrindra tamin'ny 2016, taonan'ny haintany), raha miakatra kely ny sala-maripana isan-taona. Mihabetsaka ihany koa ireo fotoana mahabe orana : ny fotoanan'ny rivo-doza izay nitondra rotsak'orana mahery vaika ny voalohan'ny taona 2018 dia mifanohitra amin'ny haintanin'ny taona 2016.

Faharitan'ny dobo sy fahavakisan'ny fefiloha

Ireo vokatra tafahoatra ateraky ny toetr'andro ireo dia tena niantraika tamin'ny fotodrafitrasan'ny mpiompy an-dobo barazy sy an-tanimbary ao amin'ny Morontsiraka Atsinanana. Ny taona 2016-2017, nandritra ny loharano famelomana dobo ireo fotoanan'ny haintany ka nampikorontana ny fotoampian'ny tantsaha maro. Ny fotoanan'ny rivo-doza 2017-2018 kosa dia niteraka rotsak'orana mafy, ary niara-niaiky ny mpiompy trondron'ny APDRA rehetra fa niavaka izany. Mpiompy dimy no niaran'ny fahavakisana fefiloha taorian'ny tondra-drano sy/na fihotsahan'ny tany, maro koa ireo tratran'ny tondra-drano sy very trondro nandritra ny fotoampamokarana.



Ireo vanim-potoanan'ny haintany sy ny rivo-doza mahery vaika nandritra ny taona maromaro lasa tao amin'ny Morontsiraka Atsinanana

Miezaka manohitra ireo voka-dratsin'ny toetr'andro

Na eo aza ireo olana ireo dia tsy kivy ny mpiompy trondro fa miezaka mampifanaraka ny fanajariana ataony amin'ny zava-misy sy miady hevitra momba ny vahaolana azo raisina. Eo amin'ny fanajariana, ny famoronana na fanalehibiazana lakan-drano (*canal de contournement*), fanamboarana tatatra fanarian-drano mihoatra (*trop-plein*) faharoa na koa fampiakarana ny haavon'ny fefiloha izao dia vahaolana mahomby efa natoron'ny APDRA. Taloha dia efa nisy fanajariana natao hisorohana ny fahaverezan'ny trondro amin'ny tondra-drano, toy ny famandrihana trondro vita amin'ny volo atao anaty *trop-plein* ary ny fampidinana ny haavon'ny rano mialohan'ny fotoanan'ny orambe. Na izany aza dia mampitsiry hevi-baovao teo amin'ny mpiompy ny fihoaran-drano betsaka tamin'ity taona ity, ankoatra ireo fomba fanao teo aloha :

- Fefena karakara vita amin'ny plastika ny dobo mba tsy hampivoaka ny trondro
- Mitahiry trondro ampiterahana ao anaty dobo fikirakirana izay hodidina na rakofana voaly.

Fijoroana vavolombelona

Rtoa Sylvie, mpiompy trondro ao Ampitak'ihosy, distrikan'i Mahanoro

Vaky ny fefilohan'i Sylvie tamin'ny 2015 ary ritra ny dobonny herintaona taorian'izay. Avy tamin'ny tsy fahatomombanan'ny fanajariana no nahavaky ny fefiloha : kely loatra ny tatatra fanarian-drano mihoatra (*trop-plein*), tsy dia avo ny fefiloha ary tsy ampy ny refin'ny elanelana eo amin'ny rano sy ny tampon'ny fefiloha (*revanche*).

Tapa-kevitra hanaraka ny torohevitra ny teknisianin'ny APDRA àry Sylvie mivady : mampiakatra ny haavon'ny fefiloha, manalehibe ny *trop-plein* ary mampidina ny haavon'ny rano mialohan'ny rivo-doza. Faly izy ireo fa tsy tratran'ny fihoaran-drano na ny fahavakisana fefiloha nandritra ireo fotoanan'ny oram-be niavaka tamin'ity taona ity.

Atoa Boto Edmond, mpiompy trondro ao amin'ny kaominina ambodivoananto, distrikan'i Vatondry

Tatran'ny fahavakisana mafy ny fefilohan'Atoa Boto Edmond ny volana martsa 2018, taorian'ny fandalovan'ny rivo-doza Eliakim. Fihotsahana avy amin'ny tanetiny no naharava ny ampahan'ny fefiloha, miorina ao anaty lohasaha milempona. Tafavoaka ny trondro vaventy rehetra, zanaka tilapia no sisa tavela.

Tsy manaiky resy anefa Atoa Edmond fa nandray fanapahan-kevitra maro mikasika ny fanajariana : «Tsy dia lehibe ny lakan-drano ary voapaokan'ny tany nihotsaka ny fefiloha. Hitariko ny haben'ny tatatra ary hamboleko *vetiver* ny sisiny ambony mba hahamafy azy. Mino aho fa tsy ho vaky intsony ny fefilohako amin'ny hoavy ».



Fahavakisan'ny fefilohan'Atoa Boto Edmond

LOHAHEVITRA : Ny voka-dratsin'ny toetr'andro

Itasy

Fihenan'ny fatran'ny vokatra

Maneho ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro eo amin'ny famokarana trondro ny tranga mahazo ireo mpiompy trondro an-tanimbary ao amin'ny kaominina Ambatoasana, distrikan'i Soavinandriana.

Miara-miasa amin'ny APDRA nandritra ny efatra taona ny mpiompy trondro ao amin'ny kaominina Ambatoasana. Tamin'ny 2015, nahazo zanatondro miisa 139 490 izay namidy sy naporitaka tamin'ny tanimbarin'izy ireo ny mpamokatra, raha 30 000 monja no vokatra tamin'ny volana janoary 2018.

Araka ny hevitr'izy ireo dia avy amin'ny fiovaovan'ny maripana mandritra ny fampiterahana io fihenan'ny vokatra io. Ankoatra izay, nampihena ny velaran-tany azo trandrahina ary koa

nahafaty zanatondro betsaka ny tsy fahampian-drano. Raha ny fanatavizana indray no resahina dia hita fa nihena ny velaran-tany azo amokarana ka lasa 100 kilao ny trondro vaventy azo raha 800 kilao teo aloha. Ny olana ateraky ny tondra-drano izay mihamahazo vala-tanimbary maro no tena mahatonga io fihenan'ny velaran-tany io.

Mikasa ny hitahiry rano mialoha ireo mpiompy trondro, natoron'ny APDRA hevitra, mba hifehezana ny fitantanana ny famokarana zanatondro.

Matsiatra Ambony

Sarotra ny fampiterahana vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro

Razafimahatratra Gilbert, 41 taona, manambady ary manan-janaka 6, mpanatavy ao Ambalabetsila, kaominina Andoharanomaitso, dia miara-miasa amin'ny APDRA hatramin'ny taona 2009. Tantarainy ao anatin'ity lahatsoratra ity ny fahasarotan'ny fampiterahana vokatry ny haintany sy ny tondra-drano.

FMT : Nanao ahoana ny fampiterahana tamin'ny taon-dasa ?

RG : Nampivavaka ny fampiterahana ny fiovaovan'ny toetr'andro, teo ny haintany nodimbiasin'ny tondra-drano. Tsy maintsy nampifanarahana tamin'ny zava-misy ny fampiterahana sy ny fomba fitaizana zanatondro. Kely ihany anefa ny vokatra azo : zanatondro 9 000 raha 20 000 no mahazatra.

FMT : Ahoana ny fomba niatrehanao izany fahasahiranana izany ?

RG : Teo amin'ny fitahirizana, nampiditra renitondro tao an-tanimbariko aho talohan'ny vola-pety (volana jona) hampitombo azy malaky. Nampiako ihany koa ny halalin'ny dobo fitahirizana. Tsy maintsy natao isan'andro ny fanaraha-maso noho ny fiakaran'ny hafanana sy ny fihenan'ny fatran'ny rano hisorohana ny fanatodizana tsy ara-potoana.

Na teo aza ireo fahasahiranana ireo dia tanteraka tao anatin'ny volana nokendrena ihany ny fampanatodizana. Nitahiry renitondro hampiterahana aoriana (desambra 2017-janoary 2018) koa aho noho ny tsy fahampian'ny velaran-tany hanaparitahana zanatondro. Ahafahako mameno ny isan'ny zanatondroko sy mamaly ny filàna zanatondro amin'ny volana martsa izany.



Razafimahatratra Gilbert ao an-dobo fampanatodizana

Amoron'i Mania

Miara-manajary hisorohana ny tondra-drano

Taorian'ny faharavana nateraky ny fandalovan'ny rivo-doza Ava tamin'ny fiatombohan'ny taona 2018, tapa-kevitra hiaraka hanajary ny tanimbary fiompiana sy fambolen'izy ireo Razafimamonjy sy ireo mpamokatra zanatondro sy mpanatavy iray fikambanana aminy.

Taorian'ny fitsidihana fanaon'ny mpikambana amin'ny tanimbary dia hitan'izy ireo fa betsaka tsy toy ny fahita hatramin'izay ny rano. Ny fipetrahana ireo tanimbary akaikin'ny vohitra izay tsy ahitana zava-maniry no nanafaingana ny fivarinan'ny ranobe ary sarotra ny fifehezana-drano nohon'ny tsy fisian'ny tatatra aro riaka. Fatiantoka goavana araka izany no nahazo ireo mpamokatra

zanatondro efatra tao amin'ny fokontany satria tsy nahavokatra afa-tsy zanatondro 5 660 isa.

Fanajariana tanimbary

Tapa-kevitra hiaro ny tanimbariny izy ireo tamin'ny alalan'ny fanamboarana lakan-drano ahafahana mametra ny rano riaka. Natao hampidirana rano ao an-tanimbary ihany koa io tatatra

LOHAHEVITRA : Ny voka-dratsin'ny toetr'andro

io. Hatramin'ny nanombohan'izy ireo niarainasa, ny volana janoary 2018, tatatra mirefy 600 m no voajary. Eo am-panajariana tanimbary araka ny teknikam-piompiana trondro natoron'ny teknisianin'ny APDRA koa izy ireo (fampiakarana tahalaka, fanamboarana dobo fierena). Isaky ny alakamisy no andro fiaraha-miasa, izany no ahafahan'izy ireo miala amin'ny fanakaramana olona hafa.

Manantena ny mpikambana fa hampiakatra ny vokatra sy hitarika ireo mpamokatra sasany hirotsaka amin'ny fiompiana trondro ny ezaka ataon'izy ireo.



Fanajariana tanimbary ataon'ny fikambanana ao Mahavanona

Analamanga

Manova ny diarim-pamokarana ny fiovaovan'ny toetr'andro

Monina ao amin'ny kaominina Tsiarafy, distrikan'Atsimondrano i Dadamily, 82 taona. 20 taona no naha-mpanandro azy. Zarainy amintsika àry ny vokatra ny fandinihany ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiompiana sy fambolena.



Dadamily

FMT : Inona marina moa no asan'izany mpanandro izany ?

Dadamily : Tsy ianarana ny asan'ny mpanandro fa lova avy tamin'ny raiko.

Ny mpanandro no mandinika ny toetoetry ny hazo sy ny vorona haminaniana raha ho tsara na ho ratsy ny fotoam-pamokarana. Ny famelanan'ny ambiaty, ny mimoza, ny fihetsiky ny fano, ohatra, dia ahafantarana raha ho ampy na tsia ny orana.

Ho an'ny vorona, raha midina ambany ny kankafotra rehefa mihira dia ho betsaka ny orana. Ho kely kosa ny rotsak'orana raha eny ambony hazo izy no mihira. Ankoatra izay, raha mifanitsy amin'ny volana desambra ny fifindra-monin'ny hitsikitsika sy ny goaika dia ho betsaka ny orana mandritra ny fotoam-pamokarana hoavy.

Tamin'ny fotoam-pamokarana teo aloha, hita fa hitohy ny fiavian'ny oram-be, izany fomba fandinihana izany no nahafahako naminavina tany am-piandohana fa ho ratsy ny famokaram-bary sy voanjo.

FMT : Nandritra ny 20 taona nanananao traikefa tamin'ny fanandroana, inona avy ireo fiovaovan'ny toetr'andro tsikaritrao ?

Dadamily : Tsapako fa nihena tsikelikely ny rotsak'orana, ary nihena noho izany ny vokatra ny tantsaha. Mila miomana ny tantsaha satria, araka ny fahafantarako azy, mifono zavatra tsy ampoizina ny toetr'andro ankehitriny. Amin'izao fotoana izao, na dia maminavina aza fa ho tsara ny taom-pamokarana,

indraindray ny mifanohitra amin'izay no mitranga. Ankoatra izay, izahay mpanandro dia manaiky tanteraka ny fanazavana ara-tsiansa izay milaza, ohatra, fa ny doro tanety dia isan'ireo singa mahatonga ny fiovaovan'ny toetr'andro. Tamin'ny fahatanorako dia mbola vitsy ny doro tanety. Tokony hahatsapa ho tompon'andraikitra ihany koa isika satria izay ataontsika andavanandro ihany no mahatonga io fiovaovan'ny toetr'andro io.

FMT : Araka ny hevitrao, inona no vokatr'izany eo amin'ny fambolena ?

Dadamily : Nitarika fahatan'ny tetiandrom-pambolena ny fiovaovan'ny toetr'andro. Ny volana oktobra no fotoam-pamafazana kanefa noho ny fahatan'ny orana voamarika isan-taona dia voatery ahemotra amin'ny fiatombohan'ny volana novambra izany. Araka ny hevitra, tokony hanaraka matetika ny fivoaran'ny toetr'andro ny tantsaha ahafahany mampifanaraka ny diarim-pamokarany amin'izany. Ho an'ny voly mila rano (tsaramaso, voanjo, mangahazo,...), mety hihemotra ny fotoam-pamafazana noho ny fitohizan'ny haintany hatramin'ny volana novambra.

FMT : Ho an'ny fiompiana trondro, inona no fiantraikany ?

Dadamily : Vokatra ny fahatan'ny orana, voatery aho nampihemotra ny tetiandrom-piompiano. Teo aloha, ny volana oktobra no fampiterahako renitrondro ary ny tapaky ny novambra no famindrako zanatrandro an-tanimbary. Ratsy anefa ny vokatra azoko noho ny tsy fahampian-drano tamin'io fotoana io.

Hisorohana io olana io, hojereko tsara ny fahamatoizan'ny trondro ampiterahana, ary indrindra harahiko maso akaiky, araka ny fahaizako manandro, ny toetr'andro ahafahana mamaritra ny daty fampanatodizana hampihenana ny fatiantoka.

Nampihatra ny teknika natoron'ny APDRA aho ary tsapako fa mifanaraka amin'ny zava-misy izany, tsy tokony hamaivanina koa anefa ny vinavinan'ny toetr'andro.

LOHAHEVITRA : Ny voka-dratsin'ny toetr'andro

Fampihemorana ny fampanatodizana karpa

Taona maromaro izao no miezaka mampanatody ny karpany mandritra ny volana janoary – febroary ny mpiompy sasany ao Afovoan-tany, raha eo anelanelan'ny volana septambra sy desambra amin'ny ankapobeny no fanaovana izany ao amin'io faritry Madagasikara io. Mahavita tsara izany ny sasany amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanatontosana ireo fampiharana nofaritan'ny APDRA nandritra ny fotoam-pamokarana zanatondro 2016-2017.

Nahoana no ahemotra ny fotoam-pampanatodizana karpa ?

Ara-toekarena ny antony voalohany : lafo kokoa ny zana-karpa amin'ny volana febroary sy martsa mitaha amin'ny vidiny rehefa novambra izay tena fotoam-pampanatodizana. Betsaka ny tolotra zanatondro eo an-toerana, amin'io fotoana io, ka latsaky ny zato ariary isaky ny zanatondro ny vidiny. Mifanohitra amin'izay rehefa volana martsa, mihoatra lavitra ny zato ariary izany.

Mihena miandalana ny tolotra zanatondro raha vao manomboka ny volana janoary kanefa eo no tena mitady ny mpanatavy. Amin'io fotoana io mantsy no ampy rano ny tanimbary ary efa lasa ny rivo-doza ka tsy atahorana intsony ny tondra-drano.

Farany, amin'io fotoana io dia efa dify ny maitso ahitra ka manam-bola bebe kokoa ny mpanatavy. Mora ho an'ny mpiompy sasany araka izany ny mahazo zanatondro, na dia hita fa lafo aza ny vidiny.

Ahoana no ampihemorana ny fotoam-pampanatodizana ?

Hiatrehana ireo zava-misy ara-toekarena sy ara-toetr'andro ireo, maro ny mpiompy trondro manandrana mampihemotra ny fampanatodizana karpa ary tsy vitsy koa ny maniry ny hanao izany.

Torolalana maro manazava ny fahombiazan'ny mpamokatra zanatondro sasany mampihatra izany no nofaritan'ny APDRA, toy ny fampidinana ny maripanan'ny rano ao amin'ny dobo fitahirizana trondro ampiterahana avy amin'ny fampidirana rano vao, sy/na fanampiana ny halalin'ny dobo, ny fifehezana

ny fotoana isian'ny hazavana amin'ny alalan'ny fandrakofana redretra ny dobo fitahirizana, ny fisafidianana ny renitondro azo ampanatodizina any aoriana, sns... Na izany aza dia tsy mbola voamarina araka ny fomba siantifika ireo fampiharana ireo.

Maniry ny hanohy ny fanampiana ireo mpamokatra zanatondro liana amin'ny fampihemorana ny fampanatodizana ny APDRA ary mampirisika azy ireo hivory matetika hananganana « vondrona mpikaroka » hifanakalo hevitra momba ny fampiharana ary hiara-handroso. Entanin'ny teknisianina, hotohanan'ny manam-pahaizana amin'ny fiompiana trondro malagasy sy frantsay ireo vondrona ireo.



Mpanao sary : Michel Randria

TARATASIN'NY MPAMAKY

Miverina indray ny taratasin'ny mpamaky !

Tany am-panombohana ny gazety Feon'ny Mpiompy Trondro (FMT), maro be ianareo no nandefa taratasy taty aminay, navoakanay tato anatin'ny gazetintsika izany. Rehefa nandeha anefa ny taona dia nahazo vahana kokoa ny lahatsoratra ara-teknika hany ka tsy hita intsony io fizarana io... Ankehitriny, miaraka amin'ny endrika vaovaon'ny FMT, tianay ny hanohy izany ary hanome toerana ahafahanareo maneho hevitra mikasika izay lohahevitra mahaliana anareo.

Ilainay ny fanehoan-kevitra, ny fanontaniana, ny tsikera sy resaka ataonareo mikasika ny lahatsoratra na ny traikefanareo na koa ireo lohahevitra vaovao eo amin'ny sehatry ny fiompiana trondro.

Miandry ny taratasin'ny maro aminareo àry izahay, alefaso mivantana any amin'ny biraonay any amin'ny faritra izany na omeo ireo teknisianinay miasa eny ifotony ! Misaotra !

Fahitan'ny mpiompy sy ny teknisianina ao Matsiatra Ambony ny FMT n° 39

« Mahazendana ny fandraisan'andraikity ny vehivavy eo amin'ny fiompiana trondro. Fitaovana azo andresena lahatra ny vehivavy hampihatra ny fiompiana trondro ity gazety ity. » Arimanana R. (Andranovorivato), Gilbert R. (Andoaranomaitso), Abela N. (Fianarantsoa).

« Nibitaka ery Sylvie, ilay vehivavy avy ao Atsinanana, mahazo tombotsoa amin'ny fiompiana trondro. Ny sariny miaraka amin'ny poketra mibontsina mampiseho fa sady voky trondro izy no ampy proteina » Jean Fidèle R. (Ihosy), Jean Aimé R. (Ihosy), Louis de Gonzague R. (Ihosy), Jean Claude R. (Talata Ampano)

« Mampiezaka anay amin'ny fanatanterahana ny asanay ny momba an'i Sahoby, mpiasan'ny APDRA. Voafehiny tsara ny fitondrana moto. Mampiseho fa afaka mifanandrana tsara amin'ny lehilahy ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny asa. » Pauline R., teknisianina (Fianarantsoa)

« Ahoana no atao mba hahazoana trondro lehibe tahaka ny hita amin'ny sarin'i Vola. Hafahafa ny mahita vehivavy mitazona trondro lehibe, ohatran'ny lehilahy izy (miohatra amin'ny asa). » Bruno R. (Talata Ampano), Jean Claude R. (Andoaranomaitso).

MPIARA-MIASA

Mitohy ny fiaraha-miasan'ny APDRA sy ny FIFATA

Miara-miasa amin'ny FIFATA ny APDRA ao anatin'ny faritra efatra iasany (Itasy, Vakinankaratra, Matsiatra Ambony sy Amoron'i Mania). Ny volana jona 2018, nohamafisina tamin'ny fanaovan-tsonia fifanarahana vaovao izany. Ahafantarantsika betsaka ny momba izany ny resaka nifanaovana tamin'ny tale Andriamparany Ranoasy.

FMT : Raha fintinina, inona moa ny FIFATA ?

AR : Hankalaza ny faha-30 taonanay izahay amin'ny taona ho avy ! FIFATA dia Vovonam-pikambanana tantsaha nasionaly notarihin'ny ONG FERT tamin'ny 1989. Naorina izy taorian'ny tetikasa tohana izay nahatsapana fa mila rafitra ny mpamokatra hanatsara ny fisoloan-tenany, hiaro ny tombotsoany, hampivoatra ny taoraharaha omena ny mpikambana (fitahirizana, famarotana, tohana sy torohevitra momba ny fananan-tany, fanomezana vaksiny, fampiofanana momba ny teknikam-pambolena, sns.). Ny faritra Vakinankaratra sy Amoron'i Mania no niasan'ny FIFATA voalohany. Ankehitriny dia faritra 10 no iasany miaraka amin'ny fikambanana tantsaha eny anivon'ny faritra mahakasika fianakaviana mpamokatra miisa 220 000 mivondrona anaty fikambanana tantsaha fototra miisa 5 000.

FMT : Azonao ampahatsiahivina anay ve ny tantaran'ny fiaraha-miasan'ny APDRA-FIFATA ?

AR : Rehefa niasa betsaka teo amin'ny fampandrosoana ny fambolena ny FIFATA dia nanomboka liana tamin'ny fiompiana ny taona 2008. Tamin'ny 2010, nisy fangatahana betsaka hampivoarana ny lalam-pihariana trondro avy amin'ny federasiona rejionalin'ny FIFATA kanefa tsy nananan'ny foibe traikefa. Tamin'ny 2011, nanomboka nifandray tamin'ny APDRA ny FIFATA ary nampahafantatra ireo filàna. Nisy ny fifanakalozana maro hamaritana ny fomba fiaraha-miasa.

Notanterahina tamin'ny fampiofanana ny teknisianin'ny FIFATA rehetra tany amin'ny faritra ny fiaraha-miombon'antoka tamin'ny 2013. Nanomboka teo dia nanohy ny fanentanana ny mpamokatra amin'ny fampiharana ny



Fanombanana toeram-panafoizana tantsaha mpiompy tao Ambatomarina

fiompiana trondro nohatsaraina ny ekipan'ny FIFATA.

FMT : Ahoana ny fahitanao io fiaraha-miasa io, inona no entiny ho an'ny mpikamban'ny FIFATA ?

AR : Ho an'ny FIFATA, zava-dehibe ny fahafahana mampitombo ireo taoraharaha ilain'ny mpikambana. Ahafahana manatsara ny fari-piainan'ny mpikambana sy ny fianakaviana tantsaha mpamokatra izay marefo amin'ny lafiny rehetra (toekarena, fanjarian-tsakafo, sns.) ny fampivoarana ny taoraharaha amin'ny fiompiana trondro, izay tanjon'ny FIFATA rahateo. Ankehitriny, efa lasa lavitra ny fiaraha-miasa amin'ny APDRA. Afahana mahazo teknisianina betsaka kokoa miasa amin'izany, manofana sy manara-maso ny mpiompy. Ho an'ny mpikambana ao amin'ny FIFATA : fanararaotra ka tsy tokony havela handalo io fiaraha-miasa io ! Mahazo matoky amin'ny fampandrosoana io seham-pihariana io ary ny fisian'ny tohana ara-teknika ilaina ny mpikambana !

NY METY HO TOETRY NY ANDRO

Nofintininay ao anatin'ity tabilao manaraka ity ireo vaovao momba ny vinavinan'ny toetr'andro, ny novambra hatramin'ny desambra, any amin'ireo faritra iasan'ny APDRA. Homenay anareo ny maripana sy ny rotsak'orana. Isaorany ireo sampan-drarahan'ny famantarana ny toetr'andro any amin'ny faritra tamin'ny fanomezana ireo vaovao ireo.


| FARITRA | NOVAMBRA | | DESAMBRA | | SM | FANAMARIHANA |
|------------------|-----------------------|--------------------------|-----------------------|-------------------------|------|--|
| | TOKONY HO IZY | VINAVINA | TOKONY HO IZY | VINAVINA | | |
| ATSINANANA | M : 24.5 R : 126.3 | M>25 126.3<R<151.6 | M : 25.9 R : 298.6 | M>26.4 R>358.3 | 24.5 | <ul style="list-style-type: none"> Oktoobra-desambra 2018, hafana kokoa nohon'ny tokony ho izy ny maripana manerana ny nosy, izany hoe hihoatra na hitovy amin'ny (SM + 0,5°C) ny maripana. Mandritra ireo volana ireo ihany, hihoatra ny tokony ho izy ny fatran'ny rotsak'orana any amin'ireo faritra Atsinanana, ara-dalàna kosa na hihoatra kely ny tokony ho izy izany ho an'ny faritra Afovoan-tany Ireo tarehimarika tokony ho izy dia salan-tarehimarika nokajiana miohatra amin'ny vanim-potoana 1981-2010 |
| ANALAMANGA | M : 21.3 R : 112.2 | M>21.8 112.2<R<134.6 | M : 21.9 R : 211.7 | M>22.4 211.7<R<254 | 21.0 | |
| ITASY | M : 20.8 R : 82.5 | M>21.3 82.5<R<99 | M : 21.3 R : 207.6 | M>21.8 207.6<R<249.1 | 20.6 | |
| VAKINANKARATRA | M : 19.6 R : 121.7 | M>20.1 121.7<R<146 | M : 20 R : 213.1 | M>20.5 213.1<R<255.7 | 19.3 | |
| AMORON'I MANIA | M : 19.4 R : 126.1 | M>19.9 100.88<R<126.1 | M : 20 R : 221.9 | M>20.5 R>266.3 | 19.0 | |
| MATSIATRA AMBONY | M : 21.5 R : 102.6 | M>22 82.08<R<102.6 | M : 22.1 R : 185.2 | M>22.6 R>222.2 | 21.0 | |

M : Maripana, amin'ny °C R : Rotsak'orana, amin'ny mm SM : Sala-maripanan'ny volana oktobra hatramin'ny desambra, amin'ny °C

SAMIHAFI

RARINTENY

Feny amin'ny alalan'ny famaritana etsy ambany ny karakara.



- | | |
|--|---|
| 1. Ilazana ny orana mikija | 4. Foibem-pikarohana malagasy |
| 2. Ilazana ny fahatsapana ny hafanana sy ny hatsiaka | 5. Toeram-piompiana trondro nasiam-panarenana |
| 3. Fiantsoana ireo rivotra mpandrava | 6. Teny ilazana ny rano diso tafahoatra |

Vainy :
 1. Orambe
 2. Maripana
 3. Rivotroza
 4. FOIFA
 5. Andasibe
 6. Ranobe

TENY MIFAMPIDITRA

Tsipiho ireo teny ao anaty lisitra ; azo vakiana mivadika, mitsangana, mitsivalana na misompirana. Atambaro avy eo ireo litera sisa tavela ahitana ny anaran'ny sary (amin'ny fiteny frantsay).

| | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| P | L | U | T | E | T | I | K | A | S | A |
| F | M | O | O | S | V | A | R | Y | T | V |
| I | A | Z | H | O | E | A | V | R | O | A |
| O | R | A | A | A | Y | L | O | A | A | N |
| V | I | V | N | N | T | N | A | S | N | D |
| A | P | O | A | A | D | A | E | T | A | R |
| O | A | N | V | R | Y | A | O | O | R | A |
| V | N | A | O | I | V | T | S | N | O | A |
| A | A | R | A | H | O | N | A | I | A | E |
| N | L | A | L | A | O | M | D | O | B | O |
| A | Z | O | D | O | V | I | R | T | R | E |

- | | | |
|------------|---------|--------|
| TRONDRO | ORANA | SARY |
| TETIKASA | AVANDRA | DOBO |
| ANDASIBE | VARY | RAY |
| RIVODOZA | AVA | ZAVONA |
| FIOVAOVANA | RAHONA | OVY |
| LOHATAONA | ROA | ANAY |
| TOHANA | ORA | ANAO |
| MARIPANA | ALA | TOTO |
| TSELATRA | | |



Sary : Kolling - <https://commons.wikimedia.org>
 Vainy : Pluviometre

Tilapia sy anandrano

Akora ilaina :

- Tilapia salantsalany 2 (manodidina ny 250 g)
- Tongolo be 2
- Menaka
- Anandrano
- Sira

Fikarakarana


- Kikisana ny tilapia, esorina ny tsinainy ary sasana
- Asiana sira sy lafarinina kely vao endasina
- Endasina ao anaty vilany ny tongolo be
- Arotsaka ny anandrano voatetika vaventy dia haroina



Tilapia vao

- Arotsaka ao anaty vilany ny trondro efa mendy
- Avela hiketrika miadana minitra vitsivitsy
- Aroso miaraka amin'ny vary

Mazotoa homana ô !



APDRA
 Pisciculture Paysanne
 Antenne Madagascar
 La Résidence Sociale
 Antsirabe - MADAGASCAR
 Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

Talen'ny Famoahana
 Barbara Bentz

Tonian'ny Fanoratana
 Sidonie Rasoarimalala

Mpanoratra
 Joro Andriamanarivo
 Camille Citeau
 Julie Mandresilahatra
 Philippe Martel
 Marion Mounayar
 Feno Zaka Rajaonarivelo
 Fanomezantsoa Rasolofoniaina
 Volat Ratiarivelo
 Eric Razafimandimby